# ALAHADY - FAHA 5 MANDAVANTAONA A 2025



***Izaho no fahazavan'izao tontolo izao, hoy ny Tompo;***
***izay manaraka Ahy no manana ny fahazavan'ny fiainana.***

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa dia teo nandinika manokana ny toriteny teny an-tendrombohitra isika ary azo lazaina fa io no sata fanorenana ny vahoakan'Andriamanitra tahaka ny nanorenany ny tany Sinai, nanoloran'Andriamanitra an'ireo teny folo. Izany dia manampy antsika hitodika ny eto amintsika. Voalohany isika eto amin'ny diosezy miatrika ny Sinaody ary indrindra isika eto Madagasikara miatrika an'izao fihavaozana izao ka maniry hametraka lalam-panorenana vaovao hahitan'ny rehetra ny fivelaran'ny maha olona manontolo, hahitana ny hasambarana…

Vakiteny I : **Iz. 58, 7-10**
Tononkira : Sal. 111,
Vakiteny II : **1Kôr. 2, 1-5**
Evanjely : **Mt. 5, 13-16**

Ny fahasambarana valo nohalalinintsika tamin'ny alahady teo tokoa no sata manorina ny fianakaviam-ben'Andriamanitra. Modely ho antsika io Satan'ny Fianakaviamben'Andriamanitra amin'izao fanorenana ifotony izao hahatonga antsika ho EOV MISIONERA amin'izao kihon-dalana amin'ny fiainan'ny diosezy sy amin'ny fiainan'ny firenena izao : "vita batemy aho ka irahina". Irahina hanorina ETA "EGLIZY TRANOBEN'ANDRIAMANITRA" hanavaozantsika ny tontolo iainana, hanavaozana tontolom-piainana ary hanavaozana ny tontolom-pinoana. I Kristy miara-belona sy miara-dàlana amintsika ka mivelona eo anivontsika, Izy no fahazavana. Nohalalinintsika izany tamin'ny fankalazana ny nanolorana ny Tompo tamin'ny 02 febroary teo fetin'ny jiro masina. I Kristy no fahazavana manilo ny fiainantsika, raha mandray an'i Kristy eo am-pelantanantsika ~~koa~~

isika tahaka an'i Simeona, fa indrindra isika mandray azy amin'ny kominio masina, dia isika ihany koa no zary fahazavana manilo ny fiainantsika sy ny an'ireo manodidina antsika ary manambara ny maha vahoakan'Andriamanitra antsika izany.

Manomboka amin'izao Alahady faha-5 mandavantaona izao dia halalinintsika tsikelikely ny hivelomantsika an'ireo fahasambarana valo izay averimberintsika matetika fa tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao izany hoe tsy fananana fa fivelomana ilay toetra mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ka hanahafantsika an'I Kristy ilay Olombelona feno ary izay no mahatonga antsika hanao sitrapon'Andriamanitra tahaka Azy. Io no laharanon'ny hasambarana marina.

**Inona àry izany toetra izany ?**

Atolotry ny Eglizy ho antsika androany ho fanohizana ny fetin'ny jiro fa mivelona ny hafatr'i Kristy isika dia zary fahazavana sy fanasina eo amin'ny fiainantsika. Isika no Eglizy, isika izay vita batemy no tempolin'Andriamanitra izay manolotra ny tenantsika amin'Andriamanitra.

Ambaran'ny vakiteny voalohany (Iz.58, 7-10) izay horenesintsika koa fa amin'ny vanim-potoan'ny karemy ny fifadiana. Matetika dia heverintsika fa ny fanajana sy fanarahana am-bokony ny fifadiana no tena fiainana sy ny fivelomana an'ireo sata izay manambara ny fandraran'Andriamanitra an'izao sy izao. Tsy izany ny teny folo na ny tenin'ny fiainana nomen'Andriamanitra tao Sinaia. **Milaza Izaia mpaminany fa ny fifadian-kanina tena izy dia ny hahatonga antsika hanasoa ny hafa, izay ny fahasambarana, izay no mahatonga antsika ho fahazavana sy ny fanasina.** Io no fototra ny dinika nataontsika tamin'ny fijanonana faha-3, Fianakaviana Eglizy kely mifanasoa sy mifampitsimbina….

**Raha isika manasoa, tsy hoe mifady hanina ho an'ny tenantsika isika, tsy hoe fanaovana "regime" ho an'ny tenantsika ny fifadian-kanina fa atao mba hahazoan'ny hafa sakafo, hahazoan'ny hafa fahasoavana ary dia izany no hamafisin'Izaia mpaminany** "*Raha esorinao tsy ho eo aminao intsony ny jioga, ny fanambànana sy ny teny manala baraka"; raha manome ny haninao ho an'ny noana ianao, sy mamoky ny fanahy miferin'aina; hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, hamirapiratra hoatra ny mitatao vovonana ny haizinao."* Izany tokoa ny lalam-pahasambarana.

**MAMETRA-PANONTANIANA ISIKA ahoana ny hahafantarana fa mino** ?

**Raha mandray an'i Jesoa ka manome sy mahafoy am-paharetana ary ao anatin'ny fanompoana sy fanetren-tena ka zary ho fanasina sy fahazavana isika eo amin'ny mpiara-belona amintsika. Raha manatanteraka an'izany satria hitondra aina ho an'ireo manodidina antsika isika dia azo lazaina fa mitondra hasambarana tsy ho anao ihany fa ho an'ireo manodidina anao.**

Vokatry ny teny folo tao an-tendrombohitr'i Sinai izany ka mbola tohizan'i Jesoa tamin'ny fampianarana ny fahasambarana valo hitantsika amin'ny evanjelin'i Md Matio ary amin'ny toerana maro samy hafa no miteny ny fampianaran'i Jesoa izy mba hanampy antsika hivelona ny maha Kristianina antsika.

Hazavain'i Md Matio ny tena hevitry ny fahazavana sy ny fanasina ka anjarantsika àry no mivelona an'izany amin'izao fiainantsika izao. I Kristy ilay nolazaintsika fa fahazavana tamin'ny nankalazantsika ny fetin'ny Jiro masina. Ny Evanjely anio milaza amintsika "*Aoka hazava eo imason'ny olona tahaka izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo, ka hanomezany voninahitra ny Rainareo izay an-danitra".*

Ny zanaky ny mazava dia tsy misalasala fa izay ao anatin'ny maizina no maro zavatra manembatsembana. Raha miaina ny maha-zanaky ny fahazavana isika dia manatanteraka ny marina, ny rariny sy ny hitsiny, manao ny soa ho an'ny hafa izay mitondra amin'ny tena fiadanana marina. Ho an'izay te-hanatanteraka an'izay araky ny voalazan'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa (1Kôr. 2, 1-5 ) " *Fa ninia tsy nahalala zavatra hafa afa-tsy i Jesoa Kristy aho taty aminareo, indrindra fa Izy voafantsika tamin'ny Hazofijaliana"*, izany hoe ho antsika izay mandray an'i Kristy ho fiainana, mamantsika ny fiainantsika ao amin'i Kristy, mifikitra ao amin'i Kristy dia izay fiainan'i Kristy no fiainantsika, ka amin'izay ny ataontsika rehetra dia tsy hoe kobaka am-bava fotsiny na fitoriana fotsiny araky ny lazaintsika matetika hoe ny teny manaitra fa ny atao no mahasarika.
Araka io hafatra teo an-tendrombohitra io :

- Aoka ny fiainantsika manontolo ho fiainana manambara an'i Kristy, kristianina manambara an'i Kristy amin'ny ataontsika rehetra.

- Aoka mba hivelomantsika mandrakariva izay fiainana ao amin'i Kristy izay ka ny soa izay ataontsika dia fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, amin'izay koa ny soa ataontsika hanasoavana ny hafa ka hanazava ny olona rehetra isika ho fanasina sy fahazavana ho an'ny hafa.

- Enga anie isika amin'ny ataontsika rehetra mba hanambara an'i Kristy tokoa ka tsy hampisalasala ny olona ny fahitany ny finoantsika. Izay no tsy maintsy ibanjinintsika mandrakariva an'i KRISTY. HATAONTSIKA EO ANIVON'NY FIAINANTSIKA MANDRAKARIVA I KRISTY.

**Raha fintinina dia ny fanahafana an'i Kristy no tsy maintsy ho fiainantsika izany hoe tahaka an'I Kristy mahafoy ary manompo.** Tsy maintsy mahafoy ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona, ny lainga izay miteraka ireny fahapotehan'ny fifandraisana ireny na ny fifandraisana amin'ny zava-boary na fifandraisana amintsika samy isika na fifandraisana amin'Andriamanitra… Mitaky fibebahana marina izany ary mitaky firosoana lalindalina kokoa…

Tsy midika izany fa lavorary isika, tsy ny lavorary no ambara eto fa ny hoe masina isika, ny maha-masina antsika dia satria ao amintsika ilay masina dia i Kristy. Kristianina isika, rehefa masina isika dia ny ataontsika rehetra dia mitondra an'izany fahamasinana izany. Io no ambaran'i Jesoa raha milaza izy hoe "*Ary tsy misy olona mampirehitra jiro, ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa eo ambonin'ny fanaovan-jiro no apetrany mba hanazava izay rehetra ao an-trano".*

**Tsy ny fahalavorariana no tadiavina ary tsy ho lavorary na oviana na oviana isika fa ny fiainantsika ao anatin'ny fahamarinana, ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ary ao anatin'izany fifankatiavana izany no tadiavina.** Manonofy isika raha mitady izany fahalavorariana izany fa ny tadiavina dia isika mitondra an'i Kristy, maneho an'i Kristy ny ataontsika rehetra, mahafoy ho an'i Kristy amin'ny ataontsika rehetra ary tsy indray mandeha ihany fa maharitra.  Izany no asa fanasoavana lazain'Izaia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany**.**

Ry Jesoa Tompo ô, ianao tokoa no hany fahazavana ka ny fahazavanao no manilo anay. Enga anie izahay hanokatra ny fonay Aminao mba ho tempolinao tokoa izahay ary tsy manana hafa hitokiana izahay afa-tsy Ianao ary Ianao voafantsika no làlam-pamonjena ho anay. Enga anie izahay hifantsika Aminao tanteraka tahaka ny nataon'i Md Paoly ka amin'izay koa izahay ho zary fahazavana sy fanasina amin'ireo mpiara-belona aminay ary hanao asa soa eo amin'ny fiainanay manontolo mba ho fanomezam-boninahitra ny anaranao masina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson